Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Alatsinainy 9 Novambra 2020

Thème : Prière pour les Bien-aimés
Texte : Philippiens 1.1-11

Fiharabana Apostolika

FFPM241/1,4
1. Ry Jeso ô! Midina,
Jereo 'zahay izao;
Atreho sao variana,
Ka tsy mahita Anao.
Hazoninao ny saina,
Hijery tsara Anao.
Mba tsy ho very maina,
'Zao fivoriana izao.

4. Ny hatakay mangina
Henoy ka mba valio,
Koa dia mitenena
Hianao ankehitrio,
Ry Jeso! Mpanazava
Ny dianay aty,
Omany lalandava
Ny fonay ho ary.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM267/1
1. He, ny andon'ny maraina
Latsaka ao an-tsaha re
Ka mamelona ny maina
Izay maniry rano be!
Ravoravo e, ny tany,
Fa he, ny andro maina efa lany;
Ka mitsahatra ny fahantrany,
Manaroka ny hazo be!

Fampidirana

FFPM267/2
2. Ny fanahy karankaina
Misy rano velona,
Fa Jesosy andon'aina
Manome fiainana
Velona ny jentilisa,
Ny tany hay dia tonga Paradisa
Marobe no efa voaisa
Handray ny lova masina!

Vakiteny 1 : Filipiana 1.1-2

Fanazavana fohy

FFPM267/3
3.Misy lalana mizotra,
Izay mankao Ziona re;
Any no mitanjozotra
Ny vahiny marobe;
Ka Ziona dia mivoha
Hidiran'ny navotan'ny Tsitoha;
Ao no ivorian'ny mifoha,
Fa an'ny Tompo lehibe.

Vavaka isan-tokantrano
- Asa misiona fitoriana ny Filazantsara
- Ho an'ny Fiangonana

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Filipiana 1.3-5

Fanazavana fohy

FFPM267/4
4. He, mikambana ny mino
Amim-pifaliam-be,
Ka ny hobiny maneno
Tahaka ny rano be!
Ao mitovy avokoa
Tsy misy tompo sy mpanompo koa.

Eny, razana iray tokoa
Ny mponina ao Ziona re!

Vavaka isan-takantrano

- Hivavaka ho an'ireo tsy mba manana fifaliana sy fanantenana.
- Vavaka ho an'ireo diso fanantenana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Filipiana 1.6-8

Fanazavana fohy

FFPM506/1

1. Tsy misy miadana ka afa-po
Izay monina eto an-tany;
Fa izay tia sy mino ny
Tompo Jeso
No hahazo ny soa tsy lany.

Fiv : Mba irio, mba irio
Ny hananana an'i Jeso.

Vavaka isan-tokantrano

- Vavaka mba tsy hangatsika ny finoan'ny vahoakan'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Filipiana 1.9-11

Fanazavana fohy

FFPM506/2

2. Raha misy mahory mahazo ety
Jeso no hanala izany;
Tsarovy ny avotra tao
Kalvary,
Fa nalatsany tany ny rany
Mba irio, Mba irio,
sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Vavaka mba hahay hifampitsinjo fa tsy ho tia tena amin'izao ady sarotra izao.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM506/3
3. Izao maniry hanaraka
Anao,
Ry Tompo Mpanafaka ota!
Fa fantatro tsara hatramin'zao
Ny fitiavanao ahy mpanota.
Mba irio, Mba irio,
sns…

Fehiny :

Romana 12.10 ; Jakoba 5.16
« Mifankatiava araka ny fifankatiavan' ny mpirahalahy; mitariha làlana amin' ny fifanomezam-boninahitra.
Koa mifaneke heloka hianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana hianareo. Ny fiàsan' ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.»

FFPM512/1,2
1. He! matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly,
Teny avy aminao.

Fiv : He!matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly
No omenao ahy izao.

2. Tahotra amana ahiahy
Dia ariako izao;
Fa nomenao toky aho
Sady to ny teninao.
sns…

Tsodrano
Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin' ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.